# Newsletter

Avril 2020

Sampana Iraisana
Antoko Mpihira



## Une foi inébranlable

"Car moi je connais les projets que j'ai conçus en votre faveur, déclare l'Eternel : ce sont des projets de paix et non de malheur, afin de vous assurer un avenir plein d'espérance." (Jérémie 29:11)

Pasteur E.Charles Rakotondramanana
Mpiahy ny AMF

Teny fampanantenana sy fanomezan-toky lehibe nampitondrain'ny Tompo (taratasin'i Jeremia) ho an'ireo vahoaka lasan-ko babo tany Babylona no vakiantsika eto. Nanao izay ratsy indrindra teo anatrehan'ny Tompo mantsy ny mpanjakan'ny Joda nifandimby farany, ary nitarika ny vahoakany ho amin'izany koa, ka niharan'ny fahatezerana sy famaizana mavesatra: natolotra ho babo tany Babylona.

Andriamanitra anefa tsy mivadika tamin'ny fanekena nataony, ka indro nampanoratra fa hampody ireo an-tsesitany. Ary fantatsika fa tanterahiny ny teniny.

Toy izany koa isika: na dia feno faharatsiana aza ny fontsika, ka manota Aminy isan'andro, ny Tompo be fiantra kosa mamindra fo hatrany rehefa mitodika sy mifona Aminy isika, toy izao amin'ny fotoanan'ny Karemy izao. Ary tsy vitan'ny miaro antsika fotsiny Izy fa miahy ny ho avitsika koa, manana vina hitondrany izany: Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Izy. Fanomezan-toky lehibe, ary inoantsika fa azo antoka..
Amin'izao fotoan-tsarotra sy tandindomin-doza izao (covid-19 miha-mihanaka isan'andro) no itenenan'ny Tompo amintsika tsy hanahy fa hatoky hatrany ny lalana itondrany antsika, fa manana vina ho antsika izy. Mbola miafina amintsika va izany? Ny tsy azo lavina dia izao: vina hahatonga fiadanana fa tsy loza. Mihevitra ny tsara ho antsika hatrany Andriamanitra.

Manana vina lehibe manan-toerana manokana ny AMF, dia ny CHOEURUNI 2020.
Eo anatrehan'ny zava-misy anefa dia mitady haka vahana ny fanahiana ny amin'ny ho avin'io hetsika goavana fiderana sy fitoriana io.Mazava anefa ny tenin'ny Tompo: manana ny hevitra hiheverako anareo Aho. Ary hevitra tsara hanamboarana ny lalantsika.
Aza manahy; miandrasa amin'ny finoana sy fanantenana.

Dieu a concocté des projets "en notre faveur". L'originalité de ce texte (v.10-14) est que Dieu ne se contente pas de nous protéger et d'entretenir nos vies, mais qu'il prend aussi en main notre avenir, qu'il a donc des projets pour nous, peut-être cachés maintenant, mais il nous dit qu'Il s'agit de projets de paix. Le CHOEURUNI 2020 en fera partie, soyons-en certains.Chers soeurs et frères de l'AMF, nous vivons un temps présent angoissant. mais le Seigneur promet de "manager" notre avenir et nos projets. Et nous savons qu'Il fera ce qu'il dit. Alors restons zen dans l'attente, c'est-à-dire dans la foi et l'espérance.

# COMMUNIQUE CHOEURUNI

Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao." (Isaia 60:1)
Lève-toi, brille ! Car ta lumière est venue et la gloire de l'Éternel s'est levée sur toi ! " (Esaïe 60 :1)

Antony : Famerana ny isan'ny mpihira ho 450 farafahabetsany
Fandoavana ny saran-dasy ary ireo fepetra raisina manoloana ny Coronavirus

Avignon, faha 21 Martsa 2020

Ry Havana Malala ao amin'ny Tompo !

Mbola ampitomboana ho ao aminareo mandrakariva anie ny fahasoavana hombam-piadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Mpamonjy antsika !
Manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena (covid19), izay iaraha-mahita fa mivoatra haingana dia haingana, sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny hetsika isan-karazany, dia tianay ato amin'ny COPIL ny manao izao fanambaràna izao :

Ezahana ho tazonmina ny daty hanatanterahana ny ChœurUni 2020 :
Na izany aza anefa dia manome fotoana anareo izahay amin'ny 15 aprily 2020 izao hanomezana anareo vaovao hentitra kokoa, miankina amin'ny fanapahan-kevitry ny fitondram-panjakana momba ny hetsika toy itony (azo atao ve, tokony ahemotra ve, sa sanatria hofoanana tanteraka)

Fanemorana ny fara-fisoratana anarana sy ny fandoavana ny saran-dasy :

Ampahatsiahivina fa efa tokony hiroso amin'ny fandoavana ny ampahany faharoa amin'ny saran-dasy isika. Indro ampitaina aminareo ny daty tokony hanatanterahana izany (nisy fiovana kely noho ny toe-javatra mitranga) :

- Fara-fandoavana ny tapany faharoa : 25 Martsa 2020
- Fara-fandoavana ny tapany farany : 25 Aprily 2020
- Fara-fisoratana anarana : 20 Aprily 2020

Ampahatsiahivina ihany koa isika mba hanatanteraka ny fandoavana ny saran-dasy ho chèque na virement iray ihany isan-tafo.
Marihana fa :

- Raha sanatria ka tsy afaka manatanteraka ny ChoeurUni isika (Annulation), dia hisy ny remboursement intégral ireo saran-dasy izay efa voaray.
- Raha toa kosa ka voatery ahemotra ny hetsika, dia omena antsika miandalana eo ny andinindininy. Ny faniriana moa dia ny hanatanterahana izany amin'ny datin'ny volana Mey io ihany.
- Ny fanapahan-kevitra rehetra izay mety horaisina amin'ny fanafoanana na fanemorana ny daty dia iarahanay mandinika amin'ny AMF Nasionaly sy angalàna fankatoavana amin'ny Kômity Maharitra.



Famerana ny isan'ny choristes :
Tianay mpikambana ato amin'ny COPIL sy ny tafo Avignon no misarika ny saintsika momba izao toe-javatra manaraka izao :

- Ny salle « Espace Auzon » ao Carpentras (20 mn miala an'i Avignon) no toerana hanaovana ny concert. Ho fitandrovana ny sécurité antsika dia mametra ny isan'ny choristes miakatra an-tsehatra ho 450 farafaha-betsaka ny tompon'ny toerana.

- Koa izahay COPIL dia manao izao antso avo izao mba hisoratantsika anarana haingana araka izay azo atao. Mba tsy haha-tompon-trano mihono antsika dia ambara fa hatramin'ny androany 21 Martsa 2020 dia 222 choristes no efa nisoratra anarana. Azontsika jerena ao amin'ny site internet ChoeurUni ny fivoaran'ny isan'ny choristes sisa azo raisina.

Izay no tiana hozaraina aminareo. Aza misalasala manatona ireo interfaces isan-tafo na ireo interfaces faritany raha mila fanazavana fanampiny.Dia manonona ny fiadanan'ny Tompo ho an'ny isam-batan'olona, ary mirary soa ho an'ny rehetra indray.

Fanja RAKOTOMAMONJY
Présidente FPMA Avignon
COPIL - ChœurUni 2020 Avignon



# Témoignage de Martin Luther

Lorsque Martin Luther a été confronté à la peste, il a écrit ces mots sages qui peuvent nous éclairer sur la façon dont nous abordons les événements qui se passent dans notre monde en ce moment …«Je demanderai à Dieu par miséricorde de nous protéger. Ensuite, je vais enfumer, pour aider à purifier l'air, donner des médicaments et les prendre. J'éviterai les lieux, et les personnes, où ma présence n'est pas nécessaire pour ne pas être contaminé et aussi infliger et affecter les autres, pour ne pas causer leur mort par suite de ma négligence. Si Dieu veut me prendre, il me trouvera sûrement et j'aurai fait ce qu'il attendait de moi, sans être responsable ni de ma propre mort ni de la mort des autres. Si mon voisin a besoin de moi, je n'éviterai ni lieu ni personne, mais j'irai librement comme indiqué ci-dessus. Voyez, c'est une telle foi qui craint Dieu parce qu'elle n'est ni impétueuse ni téméraire et ne tente pas Dieu. »
Source: Œuvres de Luther Volume 43 p. 132 la lettre « Que l'on puisse fuir une peste mortelle » écrite au révérend Dr. John Hess.



## Que faire durant ce temps de confinement?

«Pourquoi me décourager, pourquoi me plaindre de ma vie? Il vaut mieux compter sur Dieu! Oui, je vais encore le remercier, lui, mon Sauveur et mon Dieu.» Psaumes 42:6

Nous savons que les Psaumes sont considérés comme des chants de louanges. Nous les récitons souvent mais aujourd'hui et face aux circonstances, nous vous invitons à les mettre en pratique et notamment ce passage du Psaumes 42. Oui humainement parlant, nous sommes face à une situation face à laquelle nous avons perdu la maîtrise. Nous vivons au jour le jour en espérant que demain sera meilleur.

Néanmoins comme ce verset l'indique, Jésus peut nous sauver, c'est pourquoi pendant ce temps de confinement nous vous invitons à multiplier vos temps de louanges.

Remercions Le pour toutes choses car oui, avec Lui notre lendemain ne peut être que meilleur.Voici un exemple de chant parmi tant d'autres: In Jesus Name- Darlene Zschech Ce chant proclame que « dans le nom de Jésus, notre ennemi est vaincu, qu'Il combat pour nous et que nous sommes guéris face à la maladie. »

Par la commission musique et chant

Cliquer sur la caméra pour accéder au chant

En cliquant sur le logo, vous accédez aux supports CU2020

**Retrouvez nous sur**

AMF National - FPMA

amf_national